

A FANAMARINANA AMIN'NY FINOANA. Romana 5:1-5.

- ❖ Inona no hevitra ny hoe “efa nohamarinina”?
 - Nambara fa marina isika. Izany hoe, lehilahy sy vehivavy tsy misy ota, fa mifandrindra araka ny Lalàn'Andriamanitra ny fiainany.
- ❖ Ahoana no nanamarinana antsika?
 - Nohamarinina tamin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy isika, fa tsy avy tamin'izay asa tsara mety ho vitantsika.
- ❖ Inona no rafitra manara-dalàna ao ambadik'izany?
 - Nandoa ny sandan'ny fahamelohantsika Jesosy tamin'ny nahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana. Nosoloina ny fiainany feno fahatanterahana ny fiainantsika. Marina isika satria marina lzy.

B NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA NY MPANOTA. Romana 5:6-11.

- ❖ Ahoana no nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany antsika?
 - Romana 5:6-8: lzy no nanao ny dingana voalohany ho amin'ny fampihavanana. Maty ho antsika lzy fony mbola mpanota isika.
 - Romana 5:9. Halany ny fahotana ary hofongorany mandrakizay izany. Kanefa, dia manolotra lalana hivoahana ho antsika lzy mba tsy ho fongotra miaraka amin'ny fahotantsika isika.
 - Romana 5:10-11. Nampihavana antsika tamin'Andriamanitra Jesosy tamin'ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty. Voavonjy isika satria velona lzy.

D TONGA TETO AN-TANY NY OTA. Romana 5:12.

- ❖ Noforonin'Andriamanitra ny olombelona ho sambatra mandrakizay amin'ny fanatrehany. Izany dia porofo ampy ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra mialohan'ny nitondran'ny ota ny fahafatesana ho amintsika.
- ❖ Maneho ny taranak'olombelona Adama. Nahatonga ny drafi-panavotana ho nilaina ny fahalavoany. Efa nomanin'Andriamanitra mialoha io drafitra io mba ho vahaolona ny amin'ny mety hahalavo antsika.
- ❖ Fahafatesana no vokatra ny ota eo amin'ny taranak'olombelona. Tsy manana vahaolana ny amin'izany isika satria efa samy nanota avokoa isika rehetra (Romana 3:23).

E NY LALÀNA SY NY OTA. Romana 5:13-14, 20-21.

- ❖ NANJAKA NY OTA:
 - Romana 5:13-14: Talohan'ny lalàna (Teo amin'i Adama hatramin'i Mosesy).
 - Misy ny ota, koa dia misy ny Lalàna—na dia tsy voazava tanteraka aza izany.
 - Romana 5:20: Aorian'ny lalàna (Teo amin'i Mosesy hatramin'ny faran'ny ota).
 - Nihanazava tsara kokoa tamin'ny olona ny ota. Koa izany no nampihombo azy.
- ❖ MANJAKA NY FAHASOAVANA:
 - Romana 5:21: Mihombo kokoa ny fahasoavana ao amin'i Jesosy Kristy.

F NY FANDIKAN-DALÀN'I ADAMA SY NY FANOMEZAN'ANDRIAMANITRA. Romana 5:15-19.

- ❖ Nanavotra ny tsy fahombiazana feno fahafahambaraka sy ny fahalavoan'i Adama Jesosy. Koa amin'ny maha-Solontsika Azy, dia nanandratra antsika ho eo amin'ny toerana ankasitrahan'Andriamanitra lzy. Noho izany, dia Jesosy no llay “Fanomezana avy amin'Andriamanitra.”
- ❖ Tsy zavatra azontsika amin'ny ezaka ataontsika ny fanamarinana. Fanomezana izany!